

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fiaikena ny Fahotantsika

Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy, voavela ny fahotako rehetra.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ao amin’ny Salamo faha-32, i Davida Mpanjaka dia nanoratra avy amin’ny zavatra niainany manokana:

> “Raha nangina aho, dia nihalany ny taolako rehetra, noho ny fitarainako mandrakariva, Fa efa navesatra tamiko andro aman'alina ny tananao; niova ny fahatanjahako toy ny azon'ny fahamainana amin'ny lohataona. “Ny fahotako nambarako taminao, ary ny heloko tsy mba nafeniko.” Hoy izaho: hiaiky ny fahadisoako amin'i Jehovah aho; ary Hianao dia namela ny heloky ny fahotako.” (andininy 3–5)

Mino aho fa rehefa nanoratra izany i Davida, dia tao an-tsainy ny momba an’i Batseba, vadin’i Oria Hetita. Toe-javatra nahatsiravina izay nijangajangan’i Davida, avy eo namono olona mba hanaronana ny fijangajangany. Niharihary fa nitovy tamintsika i Davida. Efa ela izy, no tsy nety niatrika ny fahotany. Niezaka ny tsy niraharaha izany izy.

Ao amin’ireo andininy manaraka, dia manao fampiharana manokana i Davida:

> “Izany no aoka hivavahan'ny tsara tsara fanahy rehetra aminao amin'izay andro hahitana Anao; eny tokoa, na dia tondraka aza ny rano be, tsy hahatratra azy izany. Hianao no fiereko, miaro ahy tsy ho azon'ny fahoriana Hianao; fihobiam-pamonjena no ahodidinao ahy.” (andininy 6–7)

Tsy mbola tara ny miaiky ny fahotantsika amin'Andriamanitra sy mitady fialofana amin'ny Famonjeny. Hanafaka antsika amin’ny fahotantsika Izy raha manaiky izany fotsiny isika ka mibebaka.

© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-020-MLG

Nohavaozina farany: 01 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

